Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY ADIM-PANAHIN'NY KRISTIANA ARAKA NY ROMANA 7

« Indrisy! olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity fahafatesana ity? » (Romana 7:24)

FAMPIDIRANA

Nisy fihenjanana (tension) teo amin'ireo kristiana tao Roma, kristiana izay nifangaroan'ireo avy amin'ny Jiosy tonga kristiana sy ny jentilisa tonga kristiana. Any amin'ny Romana toko 9-11 any i Paoly no tena milaza amin'ny antsipirihany io fihenjanana teo amin'ireo Jiosy tonga kristiana sy ny jentilisa tonga kristiana tao Roma ireo. Maro ireo zavatra tsy nitovian-kevitra ka nisian'ny fifanolanana. Ohatra : Ny Jiosy tonga kristiana dia nanindry ny tsy maintsy hanajana ny lalàn'i Mosesy. Ny jentilisa tonga kristiana kosa dia nandà izany. Nanome lanja bebe kokoa an'i Mosesy ireto Jiosy kristiana ireto. Nanamaivana an'i Mosesy kosa fa nanome lanja an'i Kristy ny jentilisa kristiana. Tsy nifankahazo mihitsy ny hevitra teo amin'ny roa tonta ny amin'ny hoe ahoana ny fomba handraisan'ny Jiosy ny Filazantsara ? Tsy nety nifandray ny hevitry ny roa tonta ny amin'ny fifandraisan'ny Testamenta Taloha sy ny Testament Vaovao.

Raha te hahazo tsara izay ambaran'i Apostoly Paoly eo amin'ny Romana 7 isika dia tsy maintsy mamaky ary mahazo tsara ny Romana 6. Ny toko 6 dia mampianatra ny fifandraisan'ny mpino amin'ny fahotana (la relation entre les croyants et le péché). Ny toko 7 kosa dia mampianatra ny fifandraisan'ny mpino amin'ny lalàna (la relation entre les croyants et la loi). Misy fitovitoviana eo amin'ny toko 6 sy ny toko 7 araka ny fafana eto ambany.

Toko 6	**Toko 7**
6,1 : « ota »	7,1 : « lalàna »
6,2 : « Maty ny amin'ny ota	7,4 : « Maty ny amin'ny lalàna »
6,4 : « No handehanatsika kosa amin'ny fiainam-baovao. »	7,6 : « Ka dia manompo amin'ny havaozam-panahy isika. »
6,7 : « Fa izay efa maty dia afaka amin'ny ota. »	7,6 : « Fa ankehitriny dia efa afaka tamin'ny lalàna isika, satria maty ny amin'izay nihazonana antsika… »
6,18 : « …afaka tamin'ny ota hianareo. »	7,3 : « …Afaka amin'izany lalàna izany izy. »

Tsara ny mampahatsiaro antsika fa misy fanazavana 4 samihafa (Quatre interprétations différentes) farafahakeliny azo omena avy amin'ny teolojiana, mahakasika ny Romana 7. Samy manana ny handikany ilay mpisolo-tena (pronom personnel) « aho » (Je) ny tsirairay.

- Miteny ny momba ny tenany i Paoly eto (autobiographie).
- Miteny toy ny solon-tenan'ny mponin'ny tany i Paoly (représentant de l'humanité).
- Miteny ny amin'ny traikefan'i Adama i Paoly.
- Miteny ny traikefan'ny Israely i Paoly.

Ilay faharoa no maharesy lahatra kokoa ny tenanay ka dia io izany no horaisina. Ary mba hampahazava tsara izay tian'ny mpanoratra holazaina dia ezahitsika hazavaina isan'andininy izany satria mifampiankina avokoa ireo andininy 25 ao amin'ity Romana toko 7 ireo. Any amin'ny farany kosa isika no maka ny hevitra ara-panahy tokony horaisintsika mpanara-dia ny Tompo.

FANAZAVANA

« Tsy fantatrareo, va, ry rahalahy (fa miteny amin'izay mahalala ny lalàna aho), fa ny lalàna dia manapaka ny olona, raha mbola velona izy? » (Romana 7:1)

Mba ho entina manazava izany teny izany dia haka ohatra iray isika. Nisy olona iray namono olona. Ny lalàna dia milaza fa izay mamono olona dia helohina ho faty. Araka izany dia nohelohin'ny fitsarana ho faty ity mpamono olona ity. Rehefa maty ity mpamono olona ity, inona indray no azon'ny lalàna atao aminy ? Tsy misy intsony. Tsy misy azon'ny lalàna ato amin'ny olona efa maty intsony. Ary izay, ry havana, no tian'i Paoly hambara amin'ilay hoe : «… fa ny lalàna dia manapaka ny olona raha mbola velona izy. »

Naka ohatra iray ao amin'ny lalàna i Paoly nentiny nanazava izany : ***« Fa ny vehivavy izay manambady dia fehezin'ny lalàna ho an'ny lahy, raha mbola velona ny lahy; fa raha maty kosa ny lahy, dia afaka amin'ny lalàn'ny lahy izy. Koa raha mbola velona ny lahy, ka manambady olon-kafa ravehivavy, dia hatao hæ mpijangajanga izy; fa raha maty kosa ny lahy, dia afaka amin'izany lalàna izany izy ka tsy mba mpijangajanga, na dia manambady olon-kafa aza. » (Romana 7:2-3)***

Raha ambara amin'ny teny hafa izany dia izao : Raha misy vehivavy manambady, ny lalàna dia mandrara azy tsy hanam-bady lehilahy hafa raha mbola velona ilay vadiny. Raha mbola velona ilay vadiny nefa manambady lehilahy iray hafa izy dia lazaina hoe mijangajanga. Raràn'ny lalàna ny mijangajanga. Fa raha maty kosa ilay vadiny ka manambady lehilahy hafa ilay vehivavy dia tsy mijangajanga izy.
Izay tian'ny Apostoly ambara amin'izany dia izao : ny lalàna dia mihantra amin'ny olona velona fa tsy amin'ny olona efa maty. Tsy misy azon'ny lalàna atao amin'ny olona efa maty.

« Ary amin'izany ianareo koa, ry rahalahiko, dia efa natao maty ny amin'ny lalàna noho ny tenan'i Kristy, mba ho vadin'ny hafa ianareo, dia Izay natsangana tamin'ny maty, mba hahavokarantsika ho an'Andriamanitra. » (Romana 7:4)

Talohan'ny nahatongavan'i Jesoa Kristy dia ny lalàna no nibaiko ny mpino. Eto i Paoly dia mampiasa ny teny hoe « vady » na « vadin'ny hafa ». Fony mbola tsy tonga i Jesoa, izany hoe mbola niaina tao amin'ny Testamenta Taloha ny mpino, dia ny lalàna no toy ny vadin'ny mpino ; ny lalàna no nifehy ny mpino. Fa rehefa tonga i Jesoa Kristy, dia tsy ny lalàna intsony

no vadin'ny mpino fa i Jesoa. Izay ilay tian'i Paoly ambara eto hoe « vadin'ny hafa ». Ilay hafa tiany ambara eto dia i Jesoa. Hoy mantsy ny ambaran'i Paoly eto : *« ... mba ho vadin'ny hafa ianareo, dia Izay natsangana tamin'ny maty, mba hahavokarantsika ho an'Andriamanitra. »* Iza moa Ilay nitsangana tamin'ny maty fa tsy i Jesoa Kristy. Manomboka eo amin'ny Fanekena vaovao izany dia tsy ny lalàna intsony no vadin'ny mpino, izany hoe tsy ny lalàna intsony no manapaka ny mpino fa i Jesoa izay tonga vadiny, izany hoe i Jesoa no tonga manapaka azy.
Inona moa no tian'i Paoly ambara amin'ilay hoe : *« Ary amin'izany ianareo koa, ry rahalahiko, dia efa natao maty ny amin'ny lalàna noho ny tenan'i Kristy… »* ? Isika kristiana dia efa maty eo anatrehan'ny lalàna. Oviana àry isika kristiana no maty ? *« Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao. »* **(Romana 6:4)** *« Ary raha niara-maty tamin'i Kristy isika, dia mino fa hiara-belona aminy koa isika. »* **(Romana 6:8)** Teo amin'ny fotoana nanaovana batisa azy ny kristiana no maty na niara-maty tamin'i Kristy, niara-nalevina tamin'i Jesoa. Aorian'ny batisa dia olom-baovao ny olona iray. Ilay olona taloha dia maty teo amin'ny batisa. Fa olom-baovao ilay olona aorian'ny batisa. Noho izany, ilay olona taloha vadin'ny lalàna dia efa maty, tsy ananan'ny lalàna fahefana intsony. Fa ilay olom-baovao kosa dia efa tonga vadin'i Jesoa Kristy. Tsy azon'ny kristiana anankiray atao no sady vadin'ny lalàna no vadin'i Kristy. Tonga mampirafy izy amin'izany. Fa na izy vadin'ny lalàna na izy vadin'i Kristy. Koa satria efa maty teo amin'ny batisa ilay mpino vadin'ny lalàna, dia tsy manam-pahefana aminy intsony ny lalàna, afaka manambady an'i Kristy ilay olom-baovao taorian'ny batisa.

« Fa fony tao amin'ny nofo isika, dia ny filan'ny ota, izay nohetsehin'ny lalàna, no niasa tao amin'ny momba ny tenantsika hahavokatra ho amin'ny fahafatesana. » (Romana 7:5)
« Fa ankehitriny dia efa afaka tamin'ny lalàna isika, satria maty ny amin'izay nihazonana antsika, ka dia manompo amin'ny havaozam-panahy isika, fa tsy amin'ny hahelan-tsoratra. » (Romana 7:6)

Inona no tian'ny mpanoratra ambara amin'ilay hoe : *« Fa fony mbola tao amin'ny nofo isika… » ?* Izany hoe, raha mbola tsy niova fo (converti) isika, dia ireo filan'ny nofo isan-karazany no mbola nibaiko antsika (fijejjejoana, fijangajangana, teny ratsy, lainga, halatra, fitsiriritana, sns) Ireo karazam-pahotana ireo no nibaiko antsika raha mbola tsy niova fo isika. Ireo ilay ambaran'i Paoly eto hoe « filan'ny ota ». Inona no tiany hambara amin'ny hoe : *« nohetsehan'ny lalàna »* ? Ohatra tsotra no horaisintsika. Ireo ankizy 3 mianadahy zanak'izy mivady dia tsy nanana eritreritra mihitsy ny hanokatra ny tiroir iray tao an-tranony. Fa rehefa niteny ny reniny hoe : « Aza sokafana io tiroir io rankizy a ! » Izay ilay lalàna napetraky ny reniny. Nanomboka teo dia teraka tao amin'izy 3 mianadahy ny faniriana te hahafantatra izay ao anaty tirroir ao. Farany tratry ny fakam-panahy nanokatra ilay tirroir ihany ny iray tamin'izy ireo. Ilay lalàna napetraky ny reniny no nanetsika ny filan'ny ota tao amin'ireo zanany. Ary izay no tian'i Paoly hambara amin'ilay hoe : *« ny filan'ny ota nohetsehan'ny lalàna »*. Ny lalàna no nanetsika ny filan'ny ota tato anatintsika. Dia tonga nandika lalàna isika ary mitondra antsika ho amin'ny fahafatesana izany fandikana ny lalàna izany. Ny fandikana lalàna mantsy dia fahotana ary ny tambin'ny fahotana dia fahafatesana. Dia naverin'i Paoly indray fa efa afaka tamin'ny lalàna isika satria eo anatrehan'ny lalàna isika dia efa maty, efa tsy vadin'ny lalàna intsony fa efa vadin'i Kristy.

« Inona ary no holazaintsika? Ota va ny lalàna? Sanatria izany! Kanefa tsy nahalala ny ota aho, raha tsy tamin'ny lalàna, satria tsy fantatro akory ny fitsiririritana, raha tsy ny lalàna no nanao hæ: Aza mitsiririritra (Eks. 20. 17). » (Romana 7:7)
« Fa io didy io dia nentin'ny ota nampihetsika ny fitsiririritana rehetra tato anatiko; fa maty ny ota, raha tsy misy lalàna. » (Romana 7:8)

Raha ny fanazavan'i Paoly hatreo amin'ny and.6 dia toa midika fa tsy ilaina intsony ny lalàna, na efa foana ny lalàna. Tsy vadin'ny lalàna intsony isika fa vadin'i Kristy. Tsy izany anefa no izy. Izy Paoly ihany no manontany ary izy ihany koa no mamaly. Izany hoe mi « anticiper » sahady ny ahiahy any an-tsain'ny olona izy. Ota va ny lalàna, hoy i Paoly ? Sanatria, hoy izy. Tsy foana akory ny lalàna fa mbola eo foana. Tadidio fa tamin'ilay ohatra vehivavy manambady izay noraisin'i Paoly, dia tsy ny lalàna no maty fa ilay mpino izay tonga olom-baovao. Noho izany ny lalàna dia eo foana saingy tsy manam-pahefana amintsika intsony. Ny asan'ny lalàna dia mampahafantatra antsika fotsiny ny fahotana. Ny lalàna no mampahafantra antsika fa fahotana ny fitsiririritana, ny halatra, ny mamono olona. Manazava ihany koa anefa i Paoly fa nataon'ny ota, izany hoe nataon'ny devoly fitaovana nampihetsehana ny fahotana tao anatintsika ny lalàna. Raha mbola tsy nahafantatra ny olona, ohatra, hoe fahotana ny fitsiririritana dia tsy nieritreritra ny hitsiririritra izy. Fa rehefa nampahafantarin'ny lalàna fa fahotana, ny fitsiririrtana, dia nohetsehin'ny devoly amin'izay ny fitsiririritana tao anatin'ny olona.

« Ary izaho dia velona tsy nanan-dalàna fahiny; fa rehefa tonga kosa ny didy, dia velona indray ny ota, ka dia maty aho. » (Romana 7:9)

Andininy mampisy adihevitra be eo amin'ny teolojiana ity andininy ity. Lalàna inona no tian'i Paoly lazaina eto ? Ireo didy folo sy ireo didin'Andriamanitra maro samihafa ve ? Sa lalàna ankapobeny (loi générale) izay tokony ho fantatry ny rehetra teo amin'ny fiaraha-monina ? Misy ireo mihevitra fa ireo lalàn'i Mosesy no tian'i Paoly ambara amin'io. Amin'izay fotoana izay, ny mpisolo anarana (pronom personnel) hoe « izaho » dia tsy manondro an'i Paoly, izay miteny, akory fa miteny toy ny misolo tena ny mpino rehetra i Paoly. Tsy azo saintsainina ny hoe mpampianatra lalàna tahaka an-dry Paoly itony (Docteur en théologie) no tsy nanana lalàna sy tsy hahafantatra lalàna. Mbola tsy teraka mantsy i Paoly tamin'ny nanomezan'i Mosesy ny lalàna. Misy indray ireo mpandinika mihevitra fa ny lalàna ankapobeny no tiany hambara eto. Heverinay fa misolo ny mpino rehetra eto i Paoly. Mandravona ny traikefa hitany sy ny an'ireo mpino hafa izay fantany. Izay tiany hambara dia izao : Velona tsy nahafantatra ny lalàna ny mpino taloha. Tsy nahafantatra ny hoe : Aza manana andriamanin-kafa afa-tsy Izaho ihany ; tsy nahafantatra ny hoe : manajà ny rainao sy ny reninao ; tsy nahafantatra ny hoe : Mahatsiarova ny andro sabata, sns. Fa rehefa nahafantatra ny lalàna izy, dia tonga ny fahotana, na tsorina amin'ny hoe tonga ny devoly nanetsika ny ota tao anatiny, izany hoe nanetsika ilay olona hanao izay mifanohitra amin'izay ambaran'ny lalàna. Nohetsehan'ny devoly tao anatiny tao ny fitiavana hanompo andriamanin-kafa, ny tsy fanekena hanaja ny ray sy ny reny, manadino ny andro sabata, sns.. Ary fahafatesana no tambin'izay ota velona indray ao anaty izay. Ohatra efa noraisintsika teo aloha ny amin'ilay tiroir tsy navelan'ny reniny hosokafan'ireo zanany. Tsy nisy an'izay lalàna izay teo aloha dia tsy nisy n'inona n'inona niseho tao an-trano. Fa rehefa napetraky ny reniny ilay lalàna dia nohetsehan'ny devoly ny ota tao amin'ireo ankizy hanokatra ilay tiroir. Ny vokatr'izay dia fibedesan'ny reny.

« Ary ny didy izay natao hahazoana fiainana, dia hitako fa nahatonga fahafatesana tamiko kosa. » (Romana 7:10) « Fa io didy io dia nentin'ny ota namitaka sy nahafaty ahy. » (Romana 7:11)

Ny tanjon'Andriamanitra raha nanome ny didy dia Izy dia ny mba hahazoan'ny olona fiainana na koa ambara hoe mba hahavelona ny olona. Hoy ny Tompo : *« Ary tandremo ny didiko sy ny fitsipiko; fa raha mahatandrina izany ny olona, dia ho velona amin'izany izy: Izaho no Jehovah. »* **(Levitikosy 18:5)** Fa noho ny asan'ny devoly izay nanetsika ny fahotana tao anatin'ny olona, ilay didy izay nataon'Andriamanitra hahavelona dia nahatonga ota tao amin'ny olona, izany hoe nahatonga fahafatesana, satria *« Ny fahafatesana no tambin'ny ota. »* **(Romana 6,23)** Ilay didy nomen'Andriamanitra no nentin'ny devoly namitaka ny olona. Fomba fiasan'ilay ratsy hatrizay mihitsy io mampiasa ny didin'Andriamananitra io ho entina mamitaka ny olona. Haintsika tsianjery ny tantaran'ny namitahan'ny devoly an'i Adama sy Eva, izay niainga tamin'ny didy nomen'Andriamanitra azy ireo : *« Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibi-dia rehetra izay nataon'i Jehovah Andriamanitra. Ary hoy izy tamin-dravehivavy: Hanky! efa nataon'Andriamanitra hæ: Aza ihinananareo ny hazo rehetra amin'ny saha? Fa hoy ravehivavy tamin'ny menarana: Ny voan'ny hazo eo amin'ny saha dia azonay ihinanana ihany; fa ny voan'ny hazo eo afovoan'ny saha kosa no efa nataon'Andriamanitra hæ: Aza hihinanareo na tendrenareo izany, fandrao maty ianareo. Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory ianareo; fa fantatr'Andriamanitra fa na amin'izay andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an'Andriamanitra ianareo, hahalala ny ny tsara sy ny ratsy. »* **(Genesisy 3:1-5)** Tsarovy, ry havana, fa ny ao ambadiky ny fandikana lalàna dia i satana ; ny ao ambadiky ny fahotana dia i satana. Rehefa hamitaka i satana dia miainga amin'ny didin'Andriamanitra ny famitahana ataony. Satria tsarovy fa ny tanjon'i satana dia ny hitaona ny olona hanota, izany hoe handika ny didin'Andriamanitra. Koa io didy io, hoy ny Apostoly Paoly no entiny mamitaka ny olona, hahatonga ny olona hanota ary ho tonga amin'ny fahafatesana

« Ka dia masina tokoa ny lalàna, ary masina ny didy sady marina no tsara. » (Romana 7:12) « Koa ny tsara va no nahafaty ahy? Sanatria izany! Fa ny ota no nahafaty ahy, mba hiseho ho ota; fa ny tsara no nentiny nahafaty ahy, mba ho tonga ota indrindra ny ota noho ny nataon'ny lalàna. » (Romana 7:13) « Fa fantatsika fa araka ny fanahy ny lalàna; fa izaho kosa nofo, namidy ho andevon'ny ota. » (Romana 7:14)

Mipetraka ho azy ny fanontaniana hoe : ratsy àry ve izany ny didy ? Tsy ilaina ve izany ny didy ? Ny Apostoly Paoly ihany no mamaly izany. Masina, hoy izy, ny lalàna ary masina sy marina sady tsara ny didy. Izany hoe tsara ny lalàna nomen'Andriamanitra. Hoy mihitsy aza izy eo amin'ny **and. 14** hoe « araka ny fanahy ny lalàna ». Noho izany, tsy ny lalàna izay tsara nomen'Andriamanitra no nahafaty ny olona fa ny fahotana. Na ny marimarina kokoa, ny devoly izay nampiasa ny lalàna nentina namitahana ny olona no ratsy fa tsy ny lalàna. Averintsika ihany fa ny devoly no ao ambadiky ny fahotana. Nampiasain'ny devoly ny lalàna nentina namitahana ny olona, dia toa ohatry ny lalàna indray no ratsy. Ambaran'i Paoly mazava mihitsy àry eto hoe : *«… fa ny tsara no nentiny nahafaty ahy…* », izany hoe, ny lalàna, izay tsara, no nentin'i devoly namitaka ahy ka dia tafalatsaka tao anatin'ny fahotana aho ary miandry ahy ny fahafatesana, izay tambin'ny fahotana. Ny tenin'i Paoly eto hoe : *« fa ny ota no nahafaty ahy »* dia fanamafisany fotsiny tamin'izay nolazainy tany amin'ny **Romana 6,23** : *« Fa fahafatesana no tambin'ny ota. »* Ity **and.14** ity, ry havana, dia mbola manamafy indray fa tsy izy Paoly mihitsy no tondroiny raha mampiasa izy eto amin'ny Romana 7 ny mpisolo anarana hoe « izaho ». Hoy mantsy izy eto hoe : *«… fa izaho kosa nofo,*

namidy ho andevon'ny ota. » (« Mais je suis charnel, vendu au péché. ») Nanara-po tamin'ny filàn'ny nofo ve i Paoly raha nanoratra ity Epistily ity ? Izay mihitsy mantsy no tena mahadika ny hoe « charnel ». Namidy ho andevon'ny ota ve izy raha nanoratra izao taratasy izao ? Mazava be, ry havana, ny valiny : TSIA. Toy ny kristiana olom-baovao rehetra, dia nanana an'i Jesoa Kristy izy raha nanoratra izao epistily izao. Efa nafahan'i Jesoa Kristy izy. Efa olom-baovao ao amin'i Kristy izy. Ahoana indray no hanaovany référence amin'ny « temps présent » -ny fa ny tenany tokoa io miteny io, izay mbola manara-po amin'ny filan'ny nofo, mbola voafatotra ka mila famonjena indray. Koa mbola manamafy indray ity andininy ity fa mampiasa ny « je » sy ny « temps présent » amin'ny « sens figuré » i Paoly eto amin'ny Romana 7. Izay tian'i Paoly hambara eto amin'ny and. 14 àry dia izao : Tsara ny lalàna nataon'Andriamanitra, fa ny olona no mbola mandeha araka ny nofo, mbola andevon'ny fahotana. Ary raha mbola andevon'ny fahotana ny olona dia mora ho an'ny devoly ny mamitaka azy ; mora ho an'ny devoly ny mampiasa ny lalàna hamitahana azy.

« Fa izay ataoko dia tsy fantatro; fa tsy izay sitrako no ataoko; fa izay halako no ataoko. » (Romana 7:15) « Fa raha manao ny tsy sitrako aho, dia manaiky fa tsara ny lalàna. » (Romana 7:16) « Ary amin'izany tsy izaho intsony no manao izany, fa ny ota izay mitœtra ato anatiko. » (Romana 7:17)

Rehefa mbola voagejan'ny fahotana ny olona iray, dia mazava ho azy fa izao ambaran'i Paoly izao no miseho. Tsy azony intsony izay mitranga amin'ny fiainany. Lasa misy fifanoherana ao anatiny ao : *« ... fa tsy izay sitrako no ataoko; fa izay halako no ataoko.* » Ohatra : Halany ny misotro toaka, nefa lasa misotro toaka izy. Te ho afaka amin'ny toaka izy nefa tsy mety afaka. Matoa mantsy ny olona iray te hiala amin'ny toaka dia halany izay ilay misotro toaka, nefa tsy mety afaka izy. Olona maro no te hiala amin'ny fidorohana zavamahadomelina nefa tsy mety afaka amin'izany. Matoa izy te hiala dia satria halany ilay midoroka zavamahadomelina, nefa vao mainka ataony izany. Ary izay indrindra no ambaran'i Paoly eto : *« ... fa tsy izay sitrako no ataoko; fa izay halako no ataoko. »* Kristiana maro no te hiala amin'ny fijangajangana nefa tsy mety afaka. Te hijanona amin'ny vady tokana izy, izay no sitrany sy faniriana ao anatiny ao, nefa mbola manambady 2 ihany, tsy mety afaka amin'ilay vehivavy iray. Mitranga izany adim-panahy izany raha mbola voagejan'ny fahotana ny olona iray. Manao ezaka be ilay olona hiala amin'ilay fangejana fa tsy afaka satria matanjaka noho ny herin'ny tenany te hiala ilay hery mbola mangeja azy, dia i satana.
Inona moa no tiany hambara amin'ilay hoe : *« Fa raha manao ny tsy sitrako aho, dia manaiky fa tsara ny lalàna. »* **(Romana 7:16)**. Haka, ohatra, iray isika mba hampahazava tsara izay tian'i Paoly hambara eto. Izaho dia mangalatra, kanefa aho dia tsy mankasitraka izany fangalarana izany, nefa dia ataoko ihany. Manao izay tsy sitrako aho izany manao an'io fangalarana io. Raha ny tiako izany dia tsy mangalatra aho. Ny lalàna anefa dia milaza hoe : « Aza mangalatra ». Izay ilay tiako hatao izay indrindra, nefa tsy vitako, no lazain'ny lalàna. Manaiky aho izany fa tsara ny lalàna. Ny olona mpandainga, ry havana, ka te hiala amin'ny lainga, dia manaiky fa tsara ny didin'Andriamanitra hoe « Aza mandainga ». Saingy tsy mety afaka amin'ny lainga izy satria mbola voagejan'ny devoly.
Koa raha fantatro àry fa ratsy ny mandainga satria fahotana izany, mifanohitra amin'ny didin'Andriamanitra, kanefa aho tsy mahavita milaza ny marina fa mbola mitohy mandainga ihany, tsy mety afaka amin'ny lainga. Iza àry no manao an'izany ao anatiko ao ? Dia i Paoly ihany no mamaly azy : *« Ary amin'izany tsy izaho intsony no manao izany, fa ny ota izay mitœtra ato anatiko. »* **(Romana 7:17)** Eto, ry havana, raha miresaka fahotana i Paoly dia toa ohatry miteny olona izy (le péché ici est en quelque sorte personnifié.) Toy ny hery lehibe iray monina ao anatin'ny olona (Il apparaît comme une puissance habitant dans la chair, en

opposition contre Dieu et sa loi). Raha tsorina, ry havana, dia izao : Ny devoly izay mbola mangeja ny olona ao anatiny ao no ambaran'i Paoly amin'ny hoe fahotana eto io ka manery azy, amin'ny alalan'ny famitahana isan-karazany, hanao izay mifanohitra amin'ny lalàna. Tsy tiany ilay mifanohitra amin'ny lalàna ataony saingy ataony ihany satria ny devoly mbola mangeja azy ao anatiny no manery azy hanao izany ary mahery noho izy. Ny an'ny devoly dia izay mifanohitra amin'ny lalàna no mahafinaritra azy, ary izay no hitadiavany ny tetika rehetra mba hanatanterahan'ny olona azy, mba hahatonga ilay olona hanota. Ny olona mbola voagejan'ny fahotana dia tahaka izany hatrany no iainany : Miaina amina zavatra mifanohitra toy izany hatrany. Voatery manao izay tsy tiany hatao noho ny fanerena na famitahan'ilay ratsy azy.

« Fa fantatro fa tsy misy zavatra tsara mitœtra ato amiko, dia ato amin'ny nofoko; fa ato anatiko ihany ny fikasana, saingy ny hahatanteraka ny tsara no tsy ato. » (Romana 7:18) « Fa tsy ny tsara izay sitrako no ataoko; fa ny ratsy izay tsy sitrako no ataoko. » (Romana 7:19) « Fa raha ny tsy sitrako no ataoko, dia tsy izaho intsony no manao izany, fa ny ota izay mitœtra ato amiko. » (Romana 7:20)

Eo amin'ireo andininy 3 ireo (And. 18,19,20) dia manamafy izay nolazainy teo aloha ny Apostoly Paoly. Misy zavatra mifanohitra ao anatin'ny olona mbola voagejan'ny fahotana. Manana fikasana hanao ny tsara izy ireny eo amin'ny fiainany, saingy tsy vitany ny manatanteraka izany fikasana tsara ao anatiny izany. Na mety ho vitany ihany fa saingy ao anatin'ny fotoana fohy dia fohy monja. Firifiry ireo olona manana fikasana, ohatra, ny tsy handainga intsony eo amin'ny fiainana fa saingy indrisy, tsy mety tanteraka izany, na tanteraka kely vetivety dia mandainga indray. Izany no tsapan'i Paoly ka nahatonga azy niteny hoe : *« ... fa ato anatiko ihany ny fikasana, saingy ny hahatanteraka ny tsara no tsy ato. »* Lasa manao izay tsy sitrapony ilay olona. Mazava be ny anton'izany araka izay nolazain'i Paoly : Satria mbola satana sy ny fahotana entiny no manjaka ao anatin'ilay olona. Noho izany dia i satana izay tompon'ny laka ao anatiny no manao izay tianay hatao ao anatiny. Tsy manan-tsafidy intsony ilay olona fa votery manao izay tiany ny devoly satria tsy mahery noho ny devoly izy. Io zavatra tsy tiany ataony io, dia ny devoly ao anatiny no mibaiko sy manery azy hanao azy.

« Koa hitako izao lalàna izao: raha ta-hanao ny marina aho, dia ato amiko ihany ny ratsy.» (Romana 7:21) « Fa mankasitraka ny laln'Andriamanitra aho araka ny tœtra anaty; » (Romana 7:22) « nefa mahita lalàna hafa amin'ny momba ny tenako aho, miady amin'ny laln'ny saiko ka mamabo ahy ho an'ny laln'ny ota izay ao amin'ny momba ny tenako. » (Romana 7:23)

Mbola manamafy amin'ny fomba fiteny hafa izay nambarany teo amin'ny and.15 sy and.16 i Paoly eto. Te hanao ny marina ny olona, izany hoe te hanatanteraka ny lalàna ny olona tsirairay. Nefa tsy mahavita manatanteraka izany marina na ny lalàna izany satria misy hery lehibe misakana azy tsy hanatanteraka izany ao anatiny ao. Ny fomba nilazan'i Paoly azy moa dia hoe : *« ... dia ato amiko ihany ny ratsy. »* Izany hoe, mbola mandidy sy manapaka ao anatiny ny ratsy na ny devoly izay manakana azy tsy hanatanteraka ny dididn'Andriamanitra. Mbola manamafy izany izy eo amin'ny **and.22** : *« Fa mankasitraka ny laln'Andriamanitra aho araka ny tœtra anaty… »* Raha ny fikasany dia ny hanatanteraka ny didin'Andriamanitra. Nefa misy lalàna hafa amin'ny momba ny tenany tsy ahafahany manatanteraka ny fikasany. Inona io lalàna hafa amin'ny momba ny tenany io ? Io ilay lalàna apetraky ny devoly. Tahaka ilay tao amin'ny saha edena fahiny. Andriamanitra nametraka lalàna iray mazava tsara, fa ny

devoly koa mba nametraka lalàna hafa ; lalàna mody mitovy amin'ny an'Adriamanitra nefa tena mifanohitra tanteraka amin'izany. Io ilay lalàna hafa apetraky ny devoly io dia mifandona amin'ny lalàn'ny sainy na ny fikasana tsara ao anatiny te hanatanteraka ny lalàna. Miady ilay fikasana te hanao ny tsara sy ny fanerena ataon'i satana. Mazava ho azy, noho ny hery tsy mitovy eo amin'ny olona sy devoly, dia tsy maintsy mandresy ny lalàna apetraky ny devoly, ny lalàn'ny ota moa ny teny ampiasain'ny Paoly eto. Babon'ilay lalàn'ny devoly izay manjaka ao anatiny ilay olona. Hany ka na dia te hanao ny tsara aza izy dia ny ratsy izay tsy tiany hatao ihany no ataony satria mahery ny ota.

« Indrisy! olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity fahafatesana ity? » (Romana 7:24) « Misaotra an'Andriamanitra aho amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Koa raha ny amiko, dia mankatò ny lalàn'Andriamanitra aho amin'ny saiko, fa ny lalàn'ny ota kosa amin'ny nofoko. » (Romana 7:25)

Eo anoloan'izany rehetra izany dia mahatsapa ny tenany ho olo-mahantra tanteraka ity olona ity. Te hanao ny tsara nefa tsy afaka fa voagejan'ilay ratsy tanteraka. Voafatotry ny devoly hitoetra ao anatin'ny fahotana izay mitondra ho amin'ny fahafatesana mandrakizay. Nanao ny ezaka rehetra takatry ny sainy ny tenany hahafaka azy tao fa tsy afaka. Hany hery dia miantsoantso vonjy : *« Iza no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity fahafatesana ity? »*

FAMPIHARANA

Tsy hisy na oviana na oviana olombelona haharesy ny devoly amin'ny herin'ny tenany fotsiny. **Ary tsy amin'ny alalan'ny fandehananao mankany am-piangonana koa (jentilisa tonga kristiana) na ny fanatanterahanao ny didin'Andriamanitra (jiosy tonga kristiana) no handresenao ny devoly sy ny fahotana. Tsia dia tsia.** Manomboka eo amin'ny toko 8 ny Apostoly Paoly no manome ny valiny amin'ny antso vonjy ataon'ity olona te ho afaka amin'ny fanapahan'i satana ity. Hoy ny voalaza eo hoe : ***« Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy. Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny lalàn'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana. » (Romana 8:1-2)*** Ny olona niova fo irery (converti), izany hoe ireo izay nibebaka tamin'ny fahotany rehetra ary nandray an'i Jesoa Kristy tao amin'ny fony, mivelona marina tokoa amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny vavaka. Izany olona izany ihany no afaka hifanandrina sy handresy ny devoly sy ny fahotana entiny.

Ny olana, ary tena olana goavana, ry havana dia izao : maro ny olona tonga kristiana tsy tamin'ny alalan'ny fiovam-po (conversion). Mpandray ny Fanasan'ny Tompo nandritra ny taona maro. Fa rehefa zohinao ny tantaram-piainan'ilay kristiana dia mbola tsy niova fo ilay kristiana, tsy mbola « converti ». Tsy mbola nisy teo amin'ny fiainany fotoana nanaovany fanapahan-kevitra hanapaka ny fahotana tanteraka ary handray ny Tompo marina. Nisy mpanompon'Andriamanitra iray nijoro vavolombelona. Nambarany fa efa taona maro no naha mpandray ny Fanasan'ny Tompo azy ; mpivavaka nafana fo, mpikambana tamina sampana maro. Fa volana vitsivitsy aho, hoy izy, no tena nandray an'i Jesoa Kristy marina tokoa tao am-poko sy teo amin'ny fiainako. Tena samy hafa be mihitsy, hoy izy, ny fiainako talohan'ny tena nandraisako ny Tompo sy taorian'izay, na dia efa nivavaka aza aho hatramin'ny fahakeliko. Ary maro, ry havana, no tahaka izany. Tonga kristiana izy satria kristiana ny ray aman-dreniny, satria Diakona ny ray aman-dreniny, satria Mpitandrina ny ray aman-dreniny, satria kristiana ny vadiny, sns. Tonga kristiana izy satria te hanan-karena. Dia zary lasa fahazarana fotsiny ny mankany am-piangonana sy manao ny asan'Andriamanitra. Fa raha ny marina dia mbola tsy nandray ny Tompo tao am-pony ireny olona ireny. Ary ireny olona ireny

no tena hitrangan'ny adim-panahy mavaivay tahaka izao tantarain'i Paoly izao. Ireny olona ireny no tena mahatsiaro tena ho olo mahantra satria misy fifanoherana betsaka eo amin'ny fiainany. Na dia tsy mandeha mivavaka any am-piangonana intsony aza ny maro amin'izy ireny dia tsy mitsahatra ny adim-panahy. Fantany ihany hoe tokony handeha mivavaka izy rehefa Alahady ny andro saingy voagejan'i satana ka tsy afa manoatra. Ny hany fampiononany ny sainy sisa dia ny fandehanana any am-piangonan rehefa fotoan-dehibe toy ny krismasy sy Paska sy Pentekosta.
Ho an'ny olona niova fo (converti) kosa, na dia eo aza ny ady tsy maintsy hatrehany, dia mivoaka mpandresy satria manana an'i Jesoa miady ho azy. Any amin'ny **Romana 8** i Paoly no milaza izany manao hoe : *« Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika. »* **(Romana 8:3**7). Ny olona tsy manana an'i Jesoa Kristy, dia ataon'ny devoly amin'izay tiany hanaovana azy, tsy manam-pidiny, ka miantsoantso irery sisa hoe : *« Indrisy! olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity fahafatesana ity? »* Fa ny olona efa nandray an'i Jesoa kosa, dia tsy miady irery, ary Jesoa mihitsy no miady ho azy ary tsy maintsy mivoaka mpandresy mandrakariva.

Samia mandinika ny tenany, ry havana. Te hanao ny tsara ve ianao fa tsy tsy mahavita manao ny tsara ? Te ho afaka amin'ny fanangejan'i satana ve ianao fa tsy mety afaka ? Diniho ny tenanao fa sao mbola tsy nateraka indray ianao, sao mbola tsy nandray ny Tompo ianao. Sao mbola fahazarana fotsiny na zavatra hafa no nandehananao nivavaka hatramin'izay. Fa tsy azo eritreretina izany hoe manana an'i Jesoa kanefa toa olona resy lava eo amin'ny fiainany. Ny Apostoly Paoly ihany koa no miteny hoe : *« Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena. »* **(2 Timoty 1:7**) Koa ho anao izay toa resy lava, toa mitanondrika lava, toa mitomany lava, toa malahelo lava, toa mahatsiaro tena ho mahantra lava, sns. Sao dia tsy Ilay Fanahy maherin'Andriamanitra ny ao anatinao ao fa ny fanahin'ilay ratsy. Mbola tsy tara raha izao ianao no mandray ny Tompo na manavao ny fanoloran-tenanao ho an'ny Tompo.

Jesoa irery no afaka hamonjy anao.

Amena !

Nice, 25 Novambra 2015
RANDRIAMANANTSOA Zozo, Mpitandrina